AMBOHIPO - LALAO RABEZANAHARY 4

# MITAKY NY MARINA MOMBA NY NAHAFATY AZY NY HAVANY

MARINA IZANY ! 7

VAKY SAHADY ... NY ADY !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7498 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 16 febroary 2023


POLITIKA 7




## NITSANGANA TAMIN'NY FOMBA OFISIALY NY ARB

FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA 7

# NANKATOAVIN'NY HCC NY



# TETIANDRO NAROSON'NY CENI

TARIKA ZOVY 3



## HIAKA-TSEHATRA ENY AMIN'NY KARIBOTEL

TOLIARA II 8

## MANJAKA NY TSY FANDRIAMPAHALEMANA

Apetraho amin'i mahaleo ny fanontanianareo

À VOUS LA PAROLE

Ny tapakila dia ho hitanareo eo amin'ny pejy > 2







Taekwondo - " Open Poomsae 2023 Paris "

# Tsy nitsanga-menatra i Nicolas Randriamiandrisoa



Afaka nilahatra tsara tamin'ireto mpitsara namany ireto i Nicolas Ragonz.

*Tsy mora ny andraikitra natrehan'izy ireo, satria dia mpikatroka sangany miisa 270 no nandray anjara.*

Mpitsara Iraisam-pirenena miisa 30 no nitsara ilay fifaninanana « French G1 Poomsae Open 2023 Paris », ho an'ny taranja Taekwondo WT. Nanana solontena isika, tamin'ny alalan-dRandriamiandrisoa Nicolas. Nambarany fa « nahafinaritra ny fifaninanana, avo lenta be satria ireo sangany sy tompondaka rehetra manerana an'i Eorôpa no tonga niatrika izany ». Tsy nitsanga-menatra ity Malagasy ity, izay afaka nilahatra sy nijoro tsara tamin'ireo mpitsara Iraisam-pirenena, izay tsy Frantsay irery ihany fa ny tany Eorôpa rehetra. « Fotoana nifankahitana tamin'ireo namana rehetra ihany koa izany », hoy i Nicolas Ragonz, taorian'ny tany amin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany, natao tany Korea. Tsy mora ny andraikitra natrehan'izy ireo, satria dia mpikatroka sangany miisa 270 no nandray anjara, tamin'ity andiany 2023 ity, izay natao tamin'ny alahady 12 febroary lasa teo tany Frantsa. Raha hiverenana, nahazo fanasana avy amin'ny mpikarakara handray anjara amin'ny lafiny fitsarana ilay Malagasy Randriamiandrisoa Nicolas, izay mpitsara iraisam-pirenena. Manana ny fahaiza-manao tanteraka amin'ity lafiny fitsarana ity ny tenany, izay tsorina fa tsy ny olon-drehetra akory no mahazo fanasana manokana toy izao. Ankoatra ny fifehezana ilay taranja, olona manana ny diplaôma sahaza amin'izany ihany no antsoina, izay misy ny fandinihana sy fanapahana eo anivon'ireo mpikarakara vao mandefa ny taratasy fiantsoana sy fanasana toy izao. Ho an'i Nicolas Randriamiandrisoa manokana, azo antoka fa tsy nananosarotra ny mpikarakara ny nanendry azy, satria dia mahafeno ny fepetra rehetra ny tenany, izay nandalo tamin'ny dingana rehetra vao tonga amin'izao sehatra izao. Mbola mpikatroka ihany koa moa izy, izay tsiahivina fa avy nbandrombaka ny anaram-boninahitra ho tompondakan'i Afrika, tamin'ny taon-dasa.

**Rabenaivo**

Basket - Lalao Iraisam-pirenena

# Lavon'i Mayotte 75 no ho 73 ny COSPN/GNBC

Nahazo fahombiazana teo anatrehan'ny ekipa voafantin'ny polisim-pirenena sy ny zandary i Mayotte. Lavony tamin'ny isa 75 no ho 72 ny tompon-trano, omaly, tamin'ny andro faha-5 nanaovany lalao fanomanantena teto amintsika. Teo amin'ny ampahefa-potoana voalohany dia hita fa vonon-kandresy ny vahiny satria resiny 26 no ho 10 ny ekipantsika, izay toy ny mitsapatsapa mpilalao ampiarahina ny mpanazatra nahitana andRamora sy Richardin ary Lova. Nandritra ny ampahefa-potoana faharoa vao nahazo fandresena 20 no ho 09 ny mpitandro filaminana. 35 no ho 30 ny isa nentin'ny ekipa niala sasatra ka mbola nitarika ny mpilalaon'i Athoumani, izay tsapa fa niakatra ny lentan'ny fahaiza-manaony. Teo amin'ny fanantanterahana ny ampahefa-potoana roa farany, dia nihevitra ny mpijery baolina, izay tonga maro be nanotrona ny ekipam-pirenena latsaka fahefany tao amin'ny lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina, fa handresy mora foana ry Ely sy Joma, nahazo fahombiazana hatrany tamin'ny tifi-davitra nataony. Tsy tratra mihitsy anefa ny mahorey, izay nahay niaro ny tombon'isa azony (24/20 - 21/17). Namiratra tamin'ny tifi-davitra nataony koa i Anthony Alvarez sy Hamza, izay tsy hitan-dry Danz (kap) sy ry Ninisy mihitsy ny nanakanana azy ireo. Tsapa tamin'iny fihaonana iny fa misy manao an-tandrevaka tamin'ny " défense " tokony nataony ny mpilalaontsika sasany tao amin'ny " pivot". Araka ny resadresaka natao tamin'i Anthony Alvarez, kapitenin'ny ekipa mahorey, dia afa-po tamin'ny lalao fitsapana nataony teto amintsika ry zareo satria sendran'ny mpifanandrina mailaka sy mahay basket, hoy izy. Antenainy fa hiady ny Lalaon'ny Nosy 2023, satria mbola misy mpilalao anankiroa avy any France hanampy an-dry zareo. Soritana fa avy any France koa ity kapiteny ity no tonga any Mayotte, hanomana ny fifaninanana aty anivon'ny Oseanina Indianina ity. Araka izany dia toy ny efa mampitandrina i Mayotte fa tsy homeny antsika maimaimpoana ny medaly volamena, izay efa niverina eo am-pelatanantsika tamin'ny Lalaon'ny Nosy farany teo tatsy Maurice. Fandresena anankiroa ary faharesena telo izany no voan-dalana entin'ny mahorey hody any aminy.



Tsy tafatombina tamin'ny toerany ny mpanazatra Ramora ! (Sary : a.r)

**aris rafaly**

Kitra - "OPL Awards 2021/2022"

# Handray anjara amin'ny fifidianana ny mpanao gazety sy ny olon-tsotra




Ireo mpilalao hisafidianana izay mahay sy mendrika amin'ity.

Ho tanterahina eto amintsika ihany koa ny ny fifidianana ny mpilalao mendrika sy mahay, nandritra ny fiadiana ny tompondakam-pirenena tamin'ny taom-pilalaovana 2021/2022. Hanaovana fifidianana amin'izany ny mpiandry tsatoby sy ny mpanafika, izay miainga eo amin'ny toeran'ny irakiraka ka hatramin'ny lohalaharana, nampitondraina ny lohateny hoe : « OPL Awards 2022 ». Somary nahagaga tamin'ity fifidianana ity dia ny tsy nanaovan'ny tomponandraikitry ny FMF / CFEM ny fisafidianana ny vodilaharana kanefa andry iankinan'ny nandresen'ny ekipany. Araka ny fitsipika mifehy ny fifaninanana, dia ny mpilalao betsaka mpifidy indrindra no mitana laharana voalohany ka hatramin'ny fahatelo, hanomezana ny amboara. Soritana fa efa nampahafantarin'ny tomponandraikitra ny anaran'ireo mpilalao safidiana. Tahaka izao avy ny mombamomba azy ireo : Mpiandry tsatoby : Nina (Elgeco Plus. Analamanga) - Chrétien (CFFA Analamanga) - Eddit Bastia (DATO FC Farafangana) - Grindoh (Tia Kitra FC Atsinanana) ; Mpanafika : Jinidy (Tia Kitra FC) - Toky ( COSFA Analamanga) - Tendry ( Disciples FC Vakinankaratra) - Onja (Elgeco Plus) - Mario Carlos (CFFA) - Koloina (CFFA) - Tsilavina « Drogba» (FOSA Junior FC Boeny) - Feno (AJESAIA) - Lucien (Elgeco Plus) - Abedi (AS Fanalamanga). Ny fepotoana farany hanaovana ny fifidianana dia amin'ny zoma 24 febroary 2023.

**aris rafaly**

À VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY TARIKA

mahaleo



Izy ireo no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity

Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara

Tarika Zovy - 2 taona niforonana

# Karibotel no hisantaran'izy ireo ny fisehoana an-tsehatra

*Nandritra ny roa taona niorenan'ny tarika, tsy nitsahatra namoaka vazo izy ireo. Mahatsapa ry zalahy fa tokony hisy amin'izay ny fihaonana, ka raikitra izy ity.*



**Vazo namolavola ny talentan'ny tarika Zovy avokoa no hatolony.**

Tany amin'ny faraparan'ny taona 2020 tany ho any no niorina ny tarika Zovy. Nandritra ny roa taona teo ho eo, dia tsy nitsahatra nampita ny kantony tamin'ny mpitia mozika ry zalahy. Rindran-tsary dimy no tafavoakan'izy ireo tao anatin' izany fe-potoana izay dia « *Tena tia* », « *Ny hafatro* » ; « *Todin'ny fitia* » ary « *Sipa be vinany* ». Hira tsy nisy rindran-tsary fa feo fotsiny kosa miisa 7 no efa miparitaka amin'ny onjam-peo sy ny tambajotran-tserasera any. Mahatsapa ny tarika fa ampy izay 2 taona nihaonoana ny hafatra izay, ka inoan'izy ireo fa efa tafita eny am-pon'ny mpankafy mozika ny vazon'izy ireo. Tonga amin'izay ny fotoana hampiainan'izy ireo an-tsehatra ny kantony sy hihaonany amin'ireo rehetra nihaino izany. Koa amin'ny sabotsy 18 febroary 2023 izao no hifamotoana amin'ny mpankafy mozika, indrindra ireo mpiondana « rock » etsy amin'ny efitrano malalaky ny Karibotel Analakely ny tarika. Ho fitsinjovana ny rehetra indrindra amin'izao fandriampahalemana marisarisa izao, dia natomboka amin'ny 4 ora folakandro ny fotoana.

**Ekipa matihanina**

Araka ny fanazavan'i Nanou, mpihira sady filohan'ny tarika Zovy. Karazana « cabaret » ity hetsika ity, sady fampisehoana ihany koa. Amin'ny maha fihaonana voalohany azy, hatobakin' ny tarika ho an'ny mpankafy ireo hirany rehetra efa voalaza etsy ambony. Fa ankoatra izay hoentin'ny tarika mitety vanim-potoana sy ny vazantany efatra amin'ny alalan' ireo hira « rock » malaza eran-tany ary tsy lefy hamamiana ireo rehetra mamaly ny antsony. Anisan' izany, ny vazon-dry Bon Jovi, Queen , Rod Steward ary Bee Gees, izay miresaka fitiavana ny ankamaroany satria mbola tohin'ny fetin'ny mpifankatia hatrany ny hetsika. Ekipa efa matihanina rahateo no hifarimbona hiaka-tsehatra ao an-toerana, izay hahitana an'i Nanou (mpihira) ; Eric Anjaratiana sy Gérard (gitara maranitra) ; Eric Davson (gitara beso), Zozo (amponga maroanaka) ary Haja (vatamaroafitsoka). Koa ho an'ireo mpankafy hiram-pitiavana ao anatin'ny mozika rock milamindamina, dia tongava mijery an-dry Zovy amin'ny sabotsy izao.

**Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Zava-poana ny miantoka tranga iray mampidi-doza, ka aleo milefa sy mandositra an'izany, hitarihana ny saina ho amin'ny tena tsara hatrany."

**Ny Vetso (02.02.14)**

("Ce n'est rien d'entreprendre une chose dangereuse mais d'échapper au péril en le menant à bien.")

FIMPIMA Manerantany

# Hetsika maro no hanokafana ny faha-60 taona



Hankalaza ny faha- 60 taona nijoroany ny Fiakambanan'ny Mpikabary Malagasy manerantany. Samy hankalaza izany amin 'ny fomba miavaka ny faritany FIMPIMA rehetra fa ho an ny eto Antananarivo izay foiben' ny fankalazana dia maro ny hetsika hanamarihana izany! Atomboka amin 'ny filahatam-be mianga etsy amin''ny Lapan 'ny tanana izay handraisan'ny sampana rehetra anjara ny hetsika ka ny foibe izay tarihin n'y filohany Hanitra Andrimboavonjy. Aorian' ny kabary ifandimbisana izay handraisan'ny filoham boninahitry FIMPIMA MANERANTANY, Lalao François Rabenandrasana no voalaza fa hitarika azy! Amin'io fotoana Io ihany koa no hanambarana ny daty ivon'ny fankalazana sy famaranana. Hasongadina ao anatin'izany ihany koa ny tantaran' ny kabary Malagasy , n'y niandohany sy ny antom-pisiany ary ireo filoha nifandimby!

« *Aza mandraraka ilo mby andoha* » moa no lohahevitra voizina amin'izao fankalazana tsingerintaona faha-60 izao ka ny Filohan'ny FIMPIMA Manerantany no hamaofy izany, ka izay no antony nisafidianana azy !

Hitohy ny hariva eny amin'ny Le Sakay Avarabohitra Itaosy amin''ny alalan' ny takarivam pialamboly ny hetsika. Hanomboka amin''ny 7 Ora hariva izy io, izay ahitana seho maro isan-karazany hanehoana ny fomba sy ny kolotsaina Malagasy amin'ny alalan' ny fitafy sy ny taovolo ary ny dihy!

**Tiaray R**

Arione Joy

# Hamoaka hira vaovao hiarahany amin'ny mpanakanto malagasy monina any ivelany

Hivoaka anio ilay vokatra vaovao be izay niarahan'i Arione Joy amin'ny mpanakanto malagasy iray monina any ivelany. Efa ela moa izy no nampanantena fa hamoaka ity vokatra ity ka izao izany vao tanteraka. Tsy mbola nilaza mivantana izay mpanakanto izay moa izy fa dia iarahantsika mahita eo izany. Io no hira vaovao voalohany havoakany amin'ity taona ity ary raha araka ny vina izay napetrany dia mbola hamoaka vokatra hafa ihany koa izy ankoatra izay. Araka ny fanazavana azo ihany koa dia saika hira iarahany amin'ny mpanakanto avy any ivelany avokoa ireo vokatra vaovao izay kasainy havoaka ireo. Raha tsiahivina mantsy dia tany Frantsa izy tamin'ny faraparan'ny taoana 2022 teo iny ka nandritra izany no nifaneraserany tamin'ny mpanakanto maromaro ary nisy amin'izy ireo aza efa ela mihitsy no naniriany mba hiara-hiasa aminy, tsy iza fa i David Henry. Mpanakanto vahiny anisany tena tiany izy io ary efa hatramin'izay no tiany ny mitendritendry ireo hirany ka dia tanteraka izao ny nofinofiny ny mba hiara-hihira amin'izany mpanakanto izany. "Tao anaty nofinofy ary tena tsy nampoizina satria ilay mozikany nohirahiraina kely teny ambony tamboho ireny dia azo vohizina tsara amin'ny sehatra avo kokoa" hoy izy.

**Tanya.R**



**Manome fotoana antsika izy anio.**

Amoron'i Mania - Asa Tanana

# Nomena lanja manokana amin'ny fampiratiana ny Landy

" Ny asa-tanana dia sady kilalao no harena mampidibola" io no lohahevitra nentin'ny mpikarakara nanamarika ny fampirantiana ny sanganasan'ireo mpanao asa Tanana ao faritra Amoron'i Mania nandritra ny roa andro. Mba hanomezana sehatra ny asa Tanana sy hanasongadinana ny mpanao asa Tanana Malagasy no antom-pisian'ny fampiratiana izay niarahan'ny fitaleavam-paritry ny Asa Tanana sy ny Haitao ao amin'ny Faritra sy ny Alliance Française Ambositra izay nampiantrano ny hetsika. Fa eo dia eo ihany koa ny fitarihana ny mpitsidika indrindra ny tanora hitia sy hanao fikarohana momba ny landy. Kasaina atao isam-bolana ny hetsika fa amin'izao fanombohana izao dia nomena lanja manokana ny fampiratiana mikasika ny Landy sy ny manodidina azy, ny andiany manaraka kosa dia ho an'ny mpanao asa Tanana hafa indray. Maro ireo tonga naneho ny sangan'asany ary saika niompana tamin'ny lamba fitafy avokoa ireo vokatra naranty. Teo ihany koa ireo kojakoja vita amin'ny landy toy ny poketra sy ny ravaka ary ny haingon-trano izay amin'ny endriny tsy mena mitahy amin'ny any ivelany. Nisy moa ny fanehoan'ireo mpanao asa Tanana ny fombany eo ampikarakarana ny landy mba hahatonga azy ho akora azo ampiasaina. Akora misy eto an-toerana avokoa no ampiasaina amin'izany hatry ny ela saingy amin'izao fotoana izao dia miha-vitsy izany noho ny tsy fahampian'ny toerana famokarana landy.

Tonga nanome vonihaitra ity fampirantiana ity sady nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny hetsika ny talata teo ny tompon'andraikitra eo anivon'ny fiadidina ny prezidansa, ny Tale jeneralin'ny Minisiteran'ny Asa Tanana sy ny haitao ary ireo tompon' andraikitra isan'ambaratongany ao amin'ny faritra Amron'i Mania. Samy niaky ny rehetra fa tokony homena lanja ny asa Tanana Malagasy ary ampiana ny fiofanana mba hahamatihanina azy ireo. Fa ny tena zava-dehibe dia ny fitadiavana lalam-barotra any ivelany.

**Tiaray R**



**Nanome ainga vao ho an'ny mpanao asa Tanana ny fampahafantarana ny sanganasany amin'ny alalan'ny fampirantiana.**

**PETITES ANNONCES *Gazetiko***

**MIVIDY**

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-12)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kilalao, vy, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 470/10-3)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, bisikileta, fanaka, machine, cahier sns. M. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 475/10-1)

**COURS**

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-10)

**FAMPIANARANA**

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-10)

**SERVICE**

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 473/7-2)

* Vidange wc & puisard, construct° & réhabilitat°. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 468/7-7)

Ambohipo - Lalao Rabezanahary

# Mitaky ny antony marina nahafaty azy ny havany

*Nahagaga fa naneno mafy tsy nijanona ny " radio " tao antranony mialoha ny zava-nitranga.*

Notanterahana omaly tetsy amin'ny tranom-paty hopitaly Hjra ny famoahana ny nofo mangatsiaka an'ilay mpanao politika Itpkl. Lalao Rabezanahary, mpandrindra ankapobeny na « Coordinateur général » ny Vondron' olona miaro ny fitondrana (VMF) sady filoha lefitry ny fikambanana « Tanora Mijoro ho an'i Madagasikara». Alahelo, ranomaso, ary ory tanteraka ny fianakavian'ity raim-pianakaviana ity sy ireo namany mpiara-miasa ary ireo mpiray antoko aminy. Hatreto dia mbola mifamahomaho be ihany ny zavanisy marina satria na ny fianakaviany aza dia tsy nisy nahita ny niseho tamin'io andro io. Izy irery no tao antrano tetsy Ambohipo ary efa olona tsy nisy aina intsony no novantanina. Nopoirina mantsy ny varavarana fa nihidy avy any anatiny. *« Rehefa nozahana ny razana dia toa niempaka (may) ny lamosiny sy ny tanany manontolo. Nahagaga fa naneno mafy tsy nijanona ny « radio » tao an-tranony mialoha ny zava-nitranga. Novakiana mihitsy ny tranony ka izy efa reraka be no hita tao. Tsy tody teny amin'ny hopitaly dia tapitra ny ainy. Feno loa ihany koa ny trano ary niparitaka ny entana rehetra. Mitaky ny marina rehetra ny amin'ny nahafaty azy izahay ary handevina aloha ka amin'ny fiverenana vao hiresaka aminareo mpanao gazety indray » :* hoy ny rahalahin'ny namoy ainy. Tsy voamarina na nisy namono ity mpanao politika ity. Misy ny filazam-baovao miparitaka fa hoe noratraina ilay rangahy saingy mbola tsy voamarina izany, hoy ihany ny fanazavana.

**Tsy azo ekena**

Manoloana ity tranga ity dia manaitra ny fitondrampanjakana ny mpiray antoko amin'Itpkl. Lalao Rabezanahary. *«Samy manana ny fotokevitra hijoroany ny mpanao politika. Izahay dia vonona ny hanohana ny fitondram-panjakana kanefa tsy azo ekena kosa ny valifaty politika toy izao. Tsara ny mampahatsiahy fa mpiray antoko politika amin'ny renin'i Allan, ilay ankizilahy 10 taona nisy namono tetsy Andavamamba ihany koa Itpkl. Lalao Rabezanahary. Mipetraka ny ahiahian'ireo mpikambana ao amin'ny « VMF » sao sanatria misy hifandraisany tamin'ny famonoana an'i Allan ny raharaha»* : hoy ny lehiben'ny antoko « VMF » raha nitafa tamin'ny mpanao gazety. Mandeha ny fanadihadiana…

**Ariel D.**

Mascar Andravoahangy

# Lehilahy vao nivoaka ny fonja tratra nangalatra

Tovolahy roa no voasambotry ny polisy avy ao amin'ny boriborintany fahatelo omaly teny amin'ny Mascar Andravoahangy noho ny halatra kojakoja fampiasa amin'ny môtô. Ka fantatra avy eo fa ny iray amin'izy ireo dia vao nivoaka ny fonja kanefa dia izao tra-tehaka izao indray. Polisy niasa teny amin'io toerana voalaza etsy ambony io no nahatsikaritra fihetsika hafahafa nataon'izy roa lahy ireto manoloana ny toerana fiantsonan'ny kodiaran-droa, tokony ho tamin'ny 9 ora sy sasany maraina tamin'io andro io. Nanatonana ry zalahy nojerena akaiky ny zavatra nataony saingy raha vao nahita polisy izy ireo dia niezaka ny nandositra saingy tsy afa-niala intsony ka noraisim-potsiny teo am-pangalarana ilay kojakoja fampiasa amin'ny môtô. Nandritra ny fisavana azy ireo no nahitana « lame » fandidiana sy «cache moyeu de marque hyundai galloper 01» ary «certificat de mise en liberté» iray teny amin-dry zalahy ireto. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy ireo. Mitohy ny famotorana mialoha ny hitondrana ny raharaha eny amin'ny fampanoavana.

**T.H**

Ambohitrimanjaka

# Tovolahy iray maty voadonan'ny fiara

Tovolahy iray tokony ho 21 taona no maty voadonan'ny fiara teny amin'ny toerana antsoina hoe Fiakarana eny Ambohitrimanjaka ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 7 ora maraina. Raha nandeha tamin'ny lalamahitsy sy afovoan-tanàna iny ilay fiara iray izay avy aty Antananarivo ho any Ambohitrimanjaka no nandona ity tovolahy ity izay nandeha an-tongotra. Nitsirara tamin'ny tany avy hatrany ity farany ary tena voa mafy tokoa izy ka noho ny ratra nahazo azy dia niteraka ny fahafatesany teo no ho eo izany. Nisy nampandre mikasika ity zava-nitranga ity ny zandary ka tonga teny amin'ilay toerana nisehoan' ilay lozam-pifamoivozana. Efa nomena ny fianakaviany ny razana taorian'ny fizahana. Ilay mpamily kosa natao famotorana tany amin'ny biraon'ny zandary. Hafa indray koa fa resaka lozam-pifamoivozana niseho ny alatsinainy lasa teo izay ihany dia olona roa ihany koa no naratra tany Ankazobe. Tokony ho tamin' ny 7 ora sy sasany hariva tamin'io, môtô scooter iray no nifaoka mpandeha an-tongotra teny amin'ny sisin'arabe, tamin'ny lalamahitsy somary fidinana, tany afovoan-tanàna. Naratra vokatr'izany io olona voadona io. Fa nianjera ihany koa ilay kodiaran-droa tamin'io ary dia naratra ilay nitondra azy. Efa samy nentina notsaboina tany amin'ny hopitaly tany an-toerana ireo olona roa naratra ireo.

**T.H**

Alakamisy Itenina

# Tsy handray ireo mpianatra tsy mety mihira ny hiram-pirenena ny mpanabe

Tohin'ny raharaha saika niteraka savorovoro noho ny fihetsika nataon'ireto mpianatra 5 mianadahy avy amin'ny antokom-pivavahana zandriny iray tao amin'ny Kaominin' Alakamisy Itenina, distrikan'i Vohibato, faritra Matsiatra Ambony. Raha tsiahivina dia tsy nety hihira ny hiram-pirenena izy ireo isaky ny fananganan-tsaina. Voalazany fa fanompoan-tsampy izany ka rehefa mandeha ny hira dia mitokona fotsiny izy 5 mianadahy. Tezitra araka izany ny tomponandraikitry ny sekoly satria mandika ny fitsipika ireto mpianatra ireto ka voatery nandraisana fepetra. Voatery nampiatoana tamin'ny fianarana mihitsy ireo zaza. Tsy nijanona teo anefa ilay tranga fa tonga hatrany amin'ny ray aman-dreny sy ny fiangonana izay hivavahan'ireto mpianatra. Taorian'io dia nisy ny fivoriana natao ,omaly. Raha fehezina dia nanamafy ny mpanabe fa tsy handray ireo mpianatra ireo raha toa ka tsy vonona hanaraka ny fitsipika izy ireo dia ny fanajana sy fihirana ny hiram-pirenena. Mitovy hevitra amin'izany ihany koa ny an'ireo ray aman-drenin'ny mpianatra izay nametraka mazava fa matoa izy ireo nandefa ny zanany hianatra dia eo ny fanekena ny fanarahana ny fitsipika rehetra, ka rehefa tsy hanaraka izany ireo ankizy 5 ireo dia raisina avy hatrany ho manala tena. Takian'izy ireo ny handroahana izay tsy manaraka fitsipika fa manome ohatra ratsy ny hafa.

*Takian'izy ireo ny handroahana izay tsy manaraka fitsipika fa manome ohatra ratsy ny hafa.*

**Tsy milamina**

Andaniny ireto ray aman-drenin'izy 5 mianadahy dia nangataka ireo mpanabe mba hamerina ny zanany hianatra, ary nilaza hanaraka ny fitsipika rehetra afa-tsy ny fihirana ny hiram-pirenena satria nambaran'izy ireo fa noho ny fanajany an'Andriamanitra. Mbola azo lazaina ho tsy milamina moa ny raharaha ka andrasana ny tohiny. Anisany nikaon-doha ho famahana ity olana ity ireo mpanabe avy amin'ny lisea sy ceg niaraka tamin'ireo ray aman-drenin'ny mpianatra ary natrehin'ny ramatoa Ben'ny tanàna sy ny raiamandreny ara-panahy ary ara-drazana tao an-toerana.

**Ariel D.**

Manakambahiny - Ambodimita

# Rongony 151 fonosana sarona, 2 lahy voasambotra

Rongony 151 fonosana saron'ny polisy misahana ny ady amin'ny zava-mahadomelina afakomaly teny Manakambahiny sy Ambodimita. Roa lahy no voasambotra nandritra izany. Naharay fitarainana maro mikasika fivarotana rongony ny polisy ka nanao be midina. Lehilahy iray 47 taona no tratra teny Manakambahiny tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany maraina tamin'io andro io ka sarona teny aminy ny rongony 67 fonosana sy rongony rarany 100 grama. Nandritra ny famotorana natao azy no nilazany fa eny Anosizato mividy rongony amin'ny sachet lehibe. Tsinjarainy izany avy eo ka amidiny indray. Fantatra fa herintaona izay no nivarotany rongony. Fa lehilahy iray 29 taona ihany koa no voasambotra teny Ambodimita tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany antoandro tamin'io afakomaly io ihany. Teo ampamonosana rongony izy no tratra. Rehefa nosavaina ny tranony dia fonosana rongony 84 no tratra tao.

**T.H**

Fanafihana tao Bevato Tsiroanomandidy

# Naratra mafy ny tompon-trano

Nisehoana fanafihana tao amin'ny fokontany Antanambao, kaominina Bevato distrikan'i Tsiroanomandidy ny asabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora alina. Tokantrano iray no lasibatra tamin'izany. Raha ny fantatra dia mpampivelona sy ny vadiny io voatafika io. Jiolahy roa lahy tsy nanao saron-tava, nirongo fitaovampiadiana toy ny basy sy antsy maranitra no nanao ny fanafihana.Tsy nanam-po na inona inona izy mivady no niditra tampoka ireo jiolahy. Avy hatrany dia nambanan'ireo jiolahy tamin'ny basy izy mivady ary noterena hamoaka vola. Nilaza moa izy mivady fa tsy nisy vola tao antrano fa ny omby ao ala- trano entina. Tsy nahafa-po ireo olon-dratsy ny valin-tenin'ireo tompon-trano ka tezitra izy ireo ary namely tamin'ny antsy izy ireo ka naratra mafy izy mivady. Rehefa hitan'ireo tsy valahara fa voa mafy ireo mpivady dia nalainy avokoa ny entana rehetra tao an-trano sy ny firavaka sarobidy ary ny vola. Rehefa izay dia nitaridositra nitsoaka izy ireo.

**Rablaise**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Le kiraro*




## Hatsikana an-tsary

*Ry koaitra*




# Masoandro Miposaka

## Jaony 11 : 39-41


Hoy Jesosy : Esory ny vato. Hoy Marta, anabavin'ny maty, taminy: Tompoko, maimbo izy izao, fa efa hefarana izay. Hoy Jesosy taminy: Tsy voalazako va fa raha hino hianao, dia ho hitanao ny voninahitr'Andriamanitra ? Dia nesoriny ny vato. Ary Jesosy dia nanandratra ny masony ka nanao hoe : Ray ô, misaotra Anao Aho, fa efa nihaino Ahy Hianao.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Jamba misikidy : mahita masoandro ho an'olona, fa tsy mahita mazava ho an-tena.**

Un aveugle qui pratique l'art divinatoire y voit bien pour les autres (puisqu'il prétend lire leur avenir), mais il n'y voit pas pour lui-même.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2882

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 6 | | | | 5 | | |
| 7 | | | 4 | 6 | | | 8 | |
| | 8 | | | | | | 3 | 7 |
| | | 1 | | | | | 7 | |
| | 7 | | 8 | 5 | | | | |
| 2 | 9 | | | | 4 | | | |
| | | | | 8 | 5 | | | 4 |
| | 3 | | 2 | | | | | |
| | | | 6 | 4 | 1 | | | |

Valin'ny laharana 2881

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 2 | 5 | 4 | 6 | 3 | 8 | 9 | 1 |
| 8 | 1 | 4 | 2 | 9 | 7 | 5 | 3 | 6 |
| 6 | 9 | 3 | 1 | 5 | 8 | 2 | 7 | 4 |
| 4 | 3 | 9 | 8 | 2 | 1 | 7 | 6 | 5 |
| 2 | 6 | 8 | 3 | 7 | 5 | 1 | 4 | 9 |
| 1 | 5 | 7 | 6 | 4 | 9 | 3 | 8 | 2 |
| 5 | 4 | 1 | 7 | 8 | 6 | 9 | 2 | 3 |
| 3 | 8 | 2 | 9 | 1 | 4 | 6 | 5 | 7 |
| 9 | 7 | 6 | 5 | 3 | 2 | 4 | 1 | 8 |

Fifidianana Filoham-pirenena

# Nankatoavin'ny HCC ny tetiandro naroson'ny CENI

*Azo eritreretina fa tsy maintsy hanaraka ity hevitry ny HCC ity ny governemanta rehefa hamoaka ny daty raikitra hanatanterahana io fifidianana io.*




**Efa nampoizina ihany ny valitenin'ny HCC momba ny fangatahan' ny CENI.**

Nivaly ny fangatahana ! Taorian'ny nandefasan'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) fangatahana ny hevitry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), dia noraisiny sy nankatoavin'ity farany fa tsy mifanohitra amin'ny lalàmpanorenana ny datim-pifidianana naroson'izy ireo. Neken'ny HCC araka izany ny datin'ny faha-9 novambra 2023 hanaovana ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany ary ny datin'ny 20 desambra 2023 momba ny fifidianana fihodinana faharoa. Araka ny hevitry HCC dia tsy mametraka olana loatra ny nanafohezan'ny CENI ho 10 andro ny fe-potoam-piasan'ny Filohan'ny Repoblika ampe-rin'asa raha hirotsaka ho kandidà sy hifaninana ity farany. Azo eritreretina fa tsy maintsy hanaraka ity hevitry ny HCC ity ny governemanta rehefa hamoaka ny daty raikitra hanatanterahana io fifidianana io. Hafana amin'izay manomboka eto ny raharaham-pirenena indrindra ny resaka politika. Hanao ranolava ny fanambarana ho firotsahan-kofidian' ny kandidà avy amin'ny antoko politika maro samihafa. Hatreto aloha dia mpanao politika ampolony no efa hita traratra fa mihetsiketsika fatratra mandresy lahatra ny olony. Azo isaina amin'ny ratsan-tanana kosa ireo efa sahy nilaza tamin'ny fomba ofisialy fa efa kandidà hifaninana ho Filoham-pirenena. Etsy andanin'izany dia misy amin'ireo mpanao politika sasany no miezaka manao fitsidiham-paritra sy mamory vahoaka. Andrasana moa ny hivoahan'ny daty ho fanaikana ny mpifidy sy ny famaritana ny resaka fampielezan-kevitra.

**JUDD**

Antoko politika ARB

# Nitsangana tamin'ny fomba ofisialy




**Ny Filohan'ny antoko ARB, Andry Raobelina nanazava ny fitsanganan'izy ireo.**

Mihazakazaka sy mihamanatona ny daty hanatanterahana ny fifidianana filoham-pirenena eto amintsika. Mizotra maraka izany ihany koa ny fitsokan'ny rivotra politika. Miroborobo izay tsy izy ny fijoran'ny antoko politika eto amintsika. Tafiditra ao anatin'izany izao, raha fikambanana izy tany am-piadohana dia la niofo ho antoko politika izy ankehitriny. Omaly no nitsangana tamin'ny fomba ofisialy antoko politika ARB na Anjomara sy Rivo-Baovao. Tetsy Ambodivona no nanaovan'ny Filoha mpanorina ny antoko ARB Atoa Andry Raobelina ny fanambarana mikasika izany. Araka ny fanazavany, dia vonona handray andraikitra sy hijoro hanavoatra ny firenena izay latsaka an-katerena ny tenany. Namafisiny tamin'izany fa vonona handray anjara amin'ny fifidianana rehetra izay hiseho eto Madagasikara ny ARB ary manana kandidà hatolotra ho mpifaninana. « *Antoko politika manana vina azo tanterahina sy azo hatsaraina mifanaraka tsara amin'ny vanim-potoana sy ny rafipiarahamonina sy soatoavina malagasy ny ARB* », hoy Atoa Andry Raobelina tamin'ny lahateny voalohany izay nataony amin'ny maha mpanao politika azy. Nomarihany fa hisy tsy ho ela ny kongresy isam-paritry ny antoko, ary arahin'ny kongresy nasionaly, izay hamaritra ny fanapahan-kevitra hizoran'ny ARB. Anisan'ny fotokevitra ijoron'ny antoko politika ARB ny manome lanja ny maha olombelona sy manana ny tetika maty paika ho entina hitantanana ny loharanon-karena. Antoko politika vonona hametraka ny fahalalahana ara-toekarena.

**JUDD**

Fifidianana filohan'ny Repoblika

# Mbola mampanahy ny amin'ny vola hoenti-manatanteraka izany

Ho tanteraka amin'ny 9 novambra amin'ity taona ity ihany ve ny fifidianana ? Fanontaniana manomboka mahazo vahana eo anivon' ny mpanara-baovao io ankehitriny. Tsy hita be ihany tokoa ny tena fandehany ankehitriny fa tahaka ny efa mandry daholo ny zavadrehetra kanefa tsapa ihany fa mbola be ny tsy tomombana. Na ny vaomierampirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana namoaka io tetiandro io aza dia efa nanamarika fa mbola tsy afaka miroso amin'izany isika raha tsy mazava ny vola hanatanterahana izany. Sahala amin'ny mbola malaindaina hamoaka vola ireo mpiara-miombona antoka avy any dilam-bato hatramin'izao na dia efa nanaiky hanome aza. Raha haravona izany rehetra izany dia mampanahy koa ankehitriny ny amin'ny vola hoenti-manatanteraka ny fifidianana fa toa tsy hita be ihany izay tena fandehan'ny fianakaviambe iraisam-pirenena. Tsy ho zakantsika irery anefa io. Tsy izay ihany fa eo koa ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana fa bebe ihany ny mpifidy mbola tsy tafiditra ary ambonin'izay dia maro ireo izay mbola tsy manana kara-panondrompirenena. Ary ny tena olana dia ny haratsian-dalana, tsy ny eto Antananarivo sy ny manodidina ihany fa indrindra ny any amin'ny faritra. Ity farany izay tokony jerena akaiky satria ahiana hampahazo vahana ny fanodinkodinana ny safidim-bahoaka indray.

**Mamy R.**

# Marina izany !

## Vaky sahady... ny ady !

**Dia iny navoakan'ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana iny ny tetiandrom-pifidianana izay ho filoham-pirenena. Eo am-piandrasana ny hamoahan'ny governemanta ny didy manaika ny mpifidy izay hanamafy ilay tetiandro, vaky sahady ... ny ady eo amin'ireo heverina hilatsaka hofidiana. Na izany amin'ny alalan'ny fanambarana na izany amin'ny alalan'ny fanehoan-kevitra anatin'ny famoriam-bahoaka. Singanina amin'izany ny filazana fa misy ny hilatsaka hofidiana tohanan'ny firenena vahiny. Sanatria toy ny milaza ny fitsabahan'ny vahiny amin'ny raharahan-tokantranon'ny Malagasy sa fomba fiady hampalemy ny mpifanandrina amin'ny fifidianana hatrehina amin'ny faramparan'ny taona ? Ny tsy azo lavina aloha, araraotina ny fivoriam-bahoaka sy ny famoriam-bahoaka hahazoana ny fo, ny vato mantsy, ny mpifidy. Efa miaina sahady ny rivo-pifidianana isika na dia mbola tsy nivoaka aza ny fitsipi-dalao fa mbola vao ny tetiandro fotsiny ! Toa tsy izay ihany ny endriky ny ady fa eo ihany koa ny famakiana am-batolampy ny fisian'ny manao tsy mety manodidina ny mpitondra ka tonga hatrany amin'ny fitakiana hanalana sy hanoloana azy ireny. Asa moa raha tafiditra anatin'izany ny resaka niverimberina tato anatin'ny herinandro vitsivitsy ny amin'ny (tsy maintsy) hanovana ny mpikambana ao anatin'ny governemanta. Hatramin'ny lehiben'ny mpanatanteraka aza moa tratry ny tsikera avy amin'ny mpanohitra izay misy mihevitra ny tokony hanoloana azy. Fa ny mahalasa eritreritra tato anatin'ny andro vitsivitsy ny nahafaty mpitarika politika na ny fianakaviany amin'ny alalan'ny herisetra sy asan-jiolahy. Asa moa raha misy ifandraisany amin'ny toe-draharaha politika eto amin'ny firenena izany fa ny mivandravandra aloha mitady hiafara ra amin'ny fandatsahana aina raha tsy efa izany ilay ady vaky sahady ankehitriny ! Asa anefa...**

Herivonjy RAJAONAH

Fikarakarana ny fahasalaman'ny mpiasa

# Miroso amin'ny fampiasana teknolojia ny AMIT

Mikarakara hetsika hanamarihany ny faha-60 taona nijoroany ny ivon-toeram-pitsaboana AMIT amin'izao fotoana izao. Omaly, nampahafantatra ny antsipirihany mikasika izany ireo mpitantana eo anivon'ity orinasa mandray an-tanana ny fahasalaman' ny mpiasa sy ny vady aman-janany ity. Mialoha ny nitanisana izany, dia nampahafantatra ny vinany ireo mpitantana dia firosoana amin'ny fampiasana ny teknolojia sy ny informatika mba hanomezana tolotra tsara sy ho tombontsoan'ny mpikambana. Ankoatra ny fanamorana ny fitantanana ny arabola dia tombony ho azo amin'izany ny mba hahafahan'ny mpiasa manao fizahana na « consultation » amin'izay ivon-toeram-pitsaboana tiany sy akaiky azy eto an-drenivohitra. Toy izao manaraka izao kosa ny fandaharam-potoana ho fanamarihana ny faha-60 taona nijoroan'ny AMIT . Hisy fambolen-kazo iantsoana ny rehetra amin'ny 18 febroary izao.

Hisy fotoam-pivavahana hanombohana amin'ny fomba ofisialy ny hetsika amin'ny amin'ny 24 Marsa. Hitohy amin'ny fanaovana fanatanjahantena handraisan'ny orinasa mpikambana sy ny mpiara-miombona antoka anjara ny volana may. Hisy hetsika fitiliana diabeta sy fizahana maso ihany koa amin'ny 13 jolay, hisy ny fametrahana vato fototry ny fanamboarana ivon-toeram-pitsaboana, sampan'ny AMIT vaovao eny Ivato amin'ny volana novambra.

**Mamy R.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Distrikan'i Toliara II

# Manjaka ny tsy fandriampahalemana, mila asa ny mponina

*Hamorona asa maherin'ny 4 600 sy hametraka ireo fotodrafitrasa mifanaraka amin'ny filan'ny mponina.*

Mihorohoro ireo vahoaka any amin'ny distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana. Miha mahazo vahana ao anatin'ireo kaominina mandrafitra ity distrika ity ny tsy fandriampahalemana toy ny any Tsiafanoky, Tsianisiha, Ankilimalininke, Andranobe, Belalanda, Maromiandra, ary Magnamby. Asan-dahalo mateti-pitranga ny famonoana olona, ny fangalarana omby, ary ny vaky fasana. Resy lahatra ny Kly Rabearilaza, miaramila misotro ronono, fa ny famoronana asa marin-toerana sy maharitra ary mahavaly ny filan'ny tokantrano tsirairay no vaha olana amin'izany. Narosony ho vaha olana maika ny fanokafana ny tetikasa fitrandrahana fasimainty ataon'ny Base Toliara, izay afaka mamorona asa maherin'ny 4 600. Navohitr'ity Raiamandreny zanak'i Toliara ity sahady ireo asa vitan'ny Base Toliara talohan' ny nandraisan'ny fanjakana ny fepetra mampiato ny asa aman-draharahany nanomboka ny taona 2019. Tafiditra ao anatin'izany ny fampiofanana arak'asa ho an'ny tanora teo amin'ny 750, ny fandefasana tanora 24 nanovo fahalalana sy traikefa tany Kenya, sns. Maro koa ireo tetikasa mahakasika ny sosialim-bahoaketikasa tafiditra ao anatin'ny vinan'asan'ity tetikasa ity toy ny fanangana trano sekoly sy tobim-pahasalamana, ny famatsiana rano fisotro madio, ny fanamboarandalana, ny famatsian-drano ho an'ny fambolena sy ny fiompiana, sns. "Miantso ny fanjakana ny tenako hanaisotra ny fampiatoana noraisina mikasika ny Base Toliara. Tsy Toliara irery no hisitraka ny fampandrosoana hoentiny fa ny faritra Atsimo Andrefana rehetra, ary tsy lazaina intsony ny anjara birikiny eo amin'ny toekarem-pirenena. Mangataka amin'ny Filohampirenena aho handray fanapahan-kevitra hanokatra ity tetikasa ity mba hahafahan'ireo vahoaka aty ifotony mihanoka ny asa fitrandrahany sy miaina ny tena famapandrosoana.", hoy hatrany ny Kly Rabearilaza.



**Maro ireo Raiamandrenibe sy Olobe, zanaky ny faritra Atsimo Andrefana, no manohana ny fanokafana ny Base Toliara, toy ny Kly Rabearilaza.**

**R. Muray**

Fiahiana Sosialy

# Hanerana ny Faritra 23 hijerena manokana ireo tokantrano marefo ara-pivelomana

"Miroso amin'ny fanatanterahana sy ny fametrahana ny tetikasa Fiahiana Sosialy amin'ny faritra 23 manerana an'i Madagasikara ny Minisiteran'ny mponina amin'ity taona 2023 ity. Hatreto mbola Faritra 15 amin'ny 23 no misy ny tetikasa fiahiana sosialy", hoy Atoa Rivomanana Tsarahita Ghisbert, tale jeneralin'ny Fiahiana Sosialy eo anivon'ny Minisiteran'ny mponina tamin'ny mpanao gazety tany Toamasina izay mbola ao anatin'ny fanofanana sy fampiofanana an'ireo talem-paritry ny mponina amin'ireo Faritra misy ny tetikasa efa nambara eny aloha. Raha ny loharanom-baovao azonay hatrany dia ny 12 isanjaton'ny tokantrano marefo amin'ireo Faritra misy ny tetikasa fiahiana sosialy no mbola misitraka izany. Ny tanjona amin'ity taona ity dia hanatrarana ny salanisa 15 isanjato mba hampitomboana ny fitsinjovana an'ireo Malagasy tokony hisitraka izany mba hialany amin'ny faharefoana. Nomarihan'ny tomponandraikitra misahana ny fiahiana sosialy eo anivon'ny Minisiteran'ny mponina sady notsindrian'izy ireo mafy fa mitohy hatrany ny tohana ara-tsakafo sy ny fandoavambola amin'ny alalan'ny "mobile banking". Izany dia entina hanatsarana ny fiainan'ny olona maro ary koa hanamafisana traikefa omena azy ireo sy ny mpisehatra amin'ny fanatanterahana ny asa izany no natao dia entina hitaizana an'ireo mpisitraka rehetra hampiasa araka ny tokony ho izy ny tohana sitrahan'izy ireo sy hampiasa izany ahazoana vokatra miabo sy mihatsara hatrany. Nanomboka ny talata 14 febroary teo ary hitohy mandritra ity herinandro ity ny fanamafisampizarana traikefa sy fiofanana homena an'ny talemparitry ny mponina any amin'ny Renivohitry ny Faritra Atsinanana. Natao izany hahaizan'ireo talemparitra sy ny tomponandraikitry ny serasera ny fahaizana manome sy mizara vaovao eo amin'ny sehatry ny serasera hanomezan-danja ny fiahiana sosialy eny ifotony. Marihana fa ny volana desambra 2022 teo no neken'ny Banky iraisampirenena izay mpamatsy vola ny tetikasa fiahiana sosialy eto Madagasikara ny tohin'ny tetikasa antsoina hoe "Filets Sociaux Résilience" izay mitentina 250 tapitrisa dolara hanampiana ny fitondrampanjakana Malagasy.

**Heriniaina A.**

American Corner Antananarivo

# Misy toerana valo ho an'ny olona rehetra ao anatiny

Misy toerana valo ho an'ny olona rehetra ao anatin'ny American Corner Antananarivo. Isan'izany ny fisiana fianarana mankany Etazonia izay ahitana boky sy fitaovana mifanaraka amin'izany. Ao koa ny fianarana miteny Anglisy. Ny "Metter place" indray dia ilay fitaovana fanaovana "impression 3D". Ho an'ireo manaraka adihevitra momba ny lohahevitra iray ohatra dia azo anarahana fandaharana miainga ao amin'ny American Corner Antananarivo (ACA), azo arahana koa ny any amin'ny Masoivoho na any amin'ny American Corner any ivelany dia azo jerena mivantana avokoa. Ahitana solosaina 6 ao izay ahafahana manao fikarohana. Misy koa ny toerana mandefa fandaharana tsy tapaka avy any Etazonia ao izany dia entina hanatsarana ny fahaizana teny anglisy. Ahitana studio azo hanaovana video production ihany koa ao amin'ny ACA. Raha misy mpianatra ao amin'ny serasera alohan'ny hisehoany fahitalavitra dia afaka manao fameranana ao hatrany aloha. Ny toerana fahavalo hita ao dia ny Library USA. Izy io dia tranomboky amin'ny tambazotra izay ahitana fitaovana sy base de donnée aman'arivony sy aman'aliny izay azo idirana maimaimpoana ahazoan'ny olona manao fikarohana sy manampy azy raha manoratra boky amin'ny sehatry ny fahalalana maro", hoy Atoa Andriantsoa Jaona, talen'ny ivontoerana American Corner manerana an'i Madagasikara sy Comores tamin'ny mpanao gazety.

**Gazety**

Mampiavaka an'ity ivontoerana ity dia izy irery ihany no manana ilay toerana iray izay ahafahana manaraka fandaharana "virtuel" ka tsy manelingelina na iza na iza fa afaka mikatona ao anatin' ny efitra kely manao fandaharana tsy misy mpanelingelina. Ny olona iray izay izay mitady asa ka hanao "interview" koa dia afaka mihidy ao. Raha toa koa ka misy hanao fanadinana arahana amin'ny tambazotra ihany koa dia ao hatrany no anomanana izany toy ireo hanao "TOEFL" ...sns... Ny gazety rehetra manerantany mivoaka isan'andro amin'ny tambazotra ao anatin'ny "Library USA" io. Afaka hamakiana gazety isan' andro ao, hijerena sy hihainoana koa ary azo adika amin'ny fiteny hafa koa izany. Maro ny antontankevitra sy ny fomba ahafahana manovo fahalalana ao amin'ny American Corner Antananarivo izay nambaran'ny tomponandraikitra hatrany fa misokatra ho an'ny olona rehetra.

**Heriniaina A.**

Faritra Boeny - Fandalovan'i Cheneso

# Maherin'ny 88 ireo sekoly nahitana fahasimbana



**I Mirado, ambasadaoro nasionalin'ny Unicef manolotra ireo trano lay ho an'ny DREN Boeny.**

Efa miverina mianatra avokoa ny mpianatra ao amin'ny faritra Boeny taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Cheneso. Anisan'ny nitondra faisana mantsy ny fotodrafitrasa fianarana satria maherin'ny 88 ireo sekoly simba , dobo rano na niongotra tafo tany an-toerana. Tsy vitsy ihany koa ireo efitrano fianarana voatery nampiasaina hitoeran'ireo traboina. Tamin'ireo Cisco 6 eo anivon'ny Dren Boeny mantsy, araka ny fanazavan-dRabemananjara Haja Angelo Remi, DREN Boeny, ny Cisco an'i Soalala irery no tsy voakasiky ny rivodoza Cheneso. Tsy ny rivotra loatra mantsy no nampitondra faisana fa ny rano be izay nateraky ny rotsak'orana. Mba tsy hahatapaka ela ny fianarana, nisy ny trano lay sy fitaovam-pianarana ary tafon-trano natolotr'ireo mpiara-miombona antoka toy ny Unicef sy ny fitondrampanjakana ho an'ireo sekoly tsy azo ianarana. "Tafon-trano 100 efa nalefa any Ambato Boeny mba hamonjena ireo sekoly simba. Nisy ihany koa fizarana "kits récréatif" mba hanentanana ireo ankizy hiverina an-dakilasy. Nametrahana trano lay 4 ihany koa any amin'ny amin'ny Cisco Mahajanga II. Ny fitaovam-pianarana sy boky ihany koa natao ampy ireo mpianatra. Mbola misy ihany koa ny tahiry tamin'ireo "Kits" natolotry ny Unicef hamerenana ny fanabeazana amin'ny laoniny. Mahatsangana sekoly misy efitrano fianarana 4 ireo tanty avy any amin'ny Unicef izay haparitaka amin' ny distrika 5 ireo." Hoy Rabemananjara Haja Angelo Remi. Misy amin' ireo Cisco ireo anefa mbola tsy tafiditry ny fiara hatramin'izao ka mananosarotra ny fitaterana ireo entana ho fanampiana ny olona.

**BNGRC**

Araka ny nambaran'i Haingo Herinjanahary, teknisianina eo anivon'ny BNGRC, ireo toerana tena saro-dalana, dia ezahina ireo entana sy vokatra misy any an-toerana no vidiana ho fanampiana ireo olona toy ny any amin'ny distrikan'i Mahajanga II ohatra. Any Marovoay, misy 2 496 ny isan'ny olona traboina izay naparitaka tamin'ny toby 35. Ho an'i Mitsinjo kosa, fianakaviana 371 no naparitaka tamin'ny toby 14, ho an'i Mahajanga II olona 1 506 avy amin'ny tokantrano 483 no traboina. Toerana be traboina indrindra kosa Ambato Boeny, naparitaka tamin'ny toby 30 ireo olona 6 961 avy amin'ny tokantrano 2243. Ho an'i Mahajanga I kosa, 2251 ny isan'ireo traboina nateraky ny ranobe ary 15 andro ihany ny fe-potoana afaka hijanonan'izy ireo eny amin'ireo toby natokana ho amin'izany.

Nilaza ny governoran'ny faritra Boeny, Andriantomanga Mokhtar Salim fa tena ilaina ny fahaizana mandrindra ny andraikitra sy ny fandaminana ny fanampiana satria raha anio no mitranga ny loza tsy afaka iray volana vao tonga ny fanampiana ara-tsakafo sy ara-pitaovana ireo traboina.

**Nath**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 940 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Paty amin'ny trondro

**Zavatra ilaina :** paty 400g, nofo-trondro 250g, tongologasy 3, tongolobe 2, crème fraîche 1 kôpy, sira sy dipoavatra, persily, fromazy

**Fikarakarana azy :** Ampangotrahy ny paty. Etsy an-kilany karakarao ny saosy. Endaso ny nofon-trondro sy ny tongologasy dia asio sira sy dipoavatra. Amin'ny farany dia raraho ao ny crème fraîche ka aleo ho saosy tsara. Arosoy mafana ny paty avy eo dia raraho ety ambony ny saosy sy ny persily notetehina madinika. Raraho ny fromazy amin'ny farany.